## AMBATONDRAZAKA 4

# RAIKITRA NY SAKOROKA, ANDIAN'OLONA MARO NITAKY HAMOAHANA VOAFONJA

# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7634 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 03 aogositra 2023

## FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 7

# NANAMAFY NY HCC FA TSY AFAKA MILATSAKA IZAY TSY MIZAKA ZOM-PIRENENA MALAGASY




## MARINA IZANY ! 7

VALALANINA NY MARO !

## RAHARAHA CNaPS 8

MIVERINA MISOKATRA TONTOLO ANDRO IREO BIRAO

## "BARBIE" 2



SARIMIHETSIKA BE MPIJERY MANERAN-TANY

## BAKALOREA 2023 ETO ANTANANARIVO 8

EFA VITA 100 ISANJATO NY FITSARANA NY TARA-TASIM-PANADINANA

## ASIEF TOMPONDAKA NASIONALY

MINISITERA IRAY INDRAY NAMPIASA HOSOKA 3






Orkesitra Jejy Music & Choir

# Hanolotra Kaonseritra goavana eny Faravohitra ny mpitendry lokanga

*Mozika manainga fanahy, akaikin'ny fo ary mifanakaiky amin'ny olombelona.*

Sampana iray eo anivon'ny « Jejy Music » ny mpitendry « Violoncelle » na ireny lokanga lehibe ireny izay tantanan'i Miangaly Razakamahefa ao amin'ny sekoly Hando Razakamahefa. Hanolotra kaonseritra goavana eny amin'ny Auditorium Ekar Faravohitra ny mpianatra ny Sabotsy izao hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Maro izy ireo saingy 12 ihany no handray anjara izay ahitana ankizy mbola vao 11 taona monja kanefa dia efa mahafehy ny fitendrena izany lokanga izany. Hifangaroan' ny mpanakanto vao misondrotra sy efa manana traikefa raha araka ny fanazavan'i Miangaly Razakamahefa ny fampisehoana. Hanakoako eny amin'ny Ekar Faravohitra ao amin'ny Auditorium ny mozika Jazz, Klasika, sy ireo mozika malaza efa fantatry ny olona. Anisan'ny hiangalian'ireto mpitendry ireto ny « Libertango" nataon'i Astor Piazzolla, "Adagio" nataon'i Tomaso Albinoni, "Satin Doll" nataon'i Duke Ellington, "Sambatra" nataon'i Pharrell Williams ary "Smile" nataon'i Michael Jackson sy ny maro hafa. Raha ny fanazavana hatrany dia mozika manainga fanahy, akaikin'ny fo ary mifanakaiky amin'ny olombelona ny feo avoakan'ny Violoncelle ka ho an'ireo izay tia mozika tahaka izany sy ireo izay mbola tsy niaina ny feon'ny violoncelle dia ity no fotoana tsara indrindra. Tsy dia fahita firy ny seho tahaka ity satria vao fanindroany izao izy ireo no nanolotra fampisehoana fa sambany kosa no hampitovy tadindokanga ny mpitendry « violoncelle ». "Fetin'ny Lokanga be" rahateo no lohaheevitra nentin'ny mpikarakara manamarika izany fampisehoana izany. Asehon'ireo mpianatra mandritra ny fampisehoana izany gadona Tango tendrena amin'ny lokanga izany izay arahina "contre Bass" ravahan'ny mpitendry "Piano". Haharitra adiny 2 latsaka kely ny fampisehoana raha araka ny fanzavana hatrany ary nampiseho ny fahavononany ny mpanakanto fa hanolotra seho miavaka ho an'ny rehetra. Marihana fa ny Samckocwa no manohana amin'ny fomba ofisialy ity fampisehoana ity noho izy ireo mivarotra ny zavamaneno marika Yamaha.



**Aharitra adiny roa latsaka ny fampisehoana ao amin'ny Auditorium Ekar Faravohitra amin'ny Sabotsy izao.**

**Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Raha ny Tompo no fitaratra dia mba iza moa ianao ? Aoka IZY no ho filamatra hibahana ao an-tsainao ao, dia holazaiko anao hoe iza tsara moa ianao ? "

*Ny Vetso (08 .11. 13)*

("Dis-moi ce que tu aimes, je te dirai qui tu es." "Dis-moi qui tu hantes, je te dirai qui tu es." Proverbe français/ On juge une personne d'après la société qu'elle fréquente.)

"Barbie"

# Sarimihetsika be mpijery indrindra maneran-tany



**Manomboka any amin'ny kely ka hatramin'ny lehibe indrindra, mitafy mavokely avokoa.**

Barbie dia sarimihetsika Amerikana-Britanika izay nosoratan' i Greta Gerwig, niaraka tamin'i Margot Robbie sy Ryan Gosling nivoaka tamin'ity taona 2023 ity. Tantara an'ny saribakoly iray izay voaroka tany amin'ny tany misy azy moa izy ity satria hitan'ireo mpiara-monina aminy izy fa toa ohatrany manao fomba fiainan'ny olombelona izany. Nisafidy azy ity farany fa handeha hiaina any amin'izany tontolon'ny olombelona izany ary dia nanaraka azy ihany koa ny saribakoly lahy iray izay tia azy. Ny tantaran'izy roa ireo ireo miaina amin'ny tontolo vaovao izay araka izany no tantaraina ao. Vao nivoaka ity horonantsary ity dia maro be ireo nankafy izany ary dia lasa nihely tamin'ny firenena hafa. Tao Royaume Uni, andro sabotsy sy alahady nandefasana azy, nahatratra 15 tapitirisa ny mpijery izany. Ny 19 jolay lasa teo kosa no nandefa izany tamin'ireny toerana fijerena sarimihetsika ireny koa ny tao Frantsa ary dia an-tapitrisany koa ireo tonga nijery izany. Tsy ela fa ny 21 jolay indray izany dia tonga teto Madagasikara ihany koa ary ry zareo avy ao amin'ny cinepax Ambodivona no namoaka izany voalohany. Vao nisy ny filazana fa handefa izany izy ireo tao amin'ny pejy fesibokiny dia maro tsy tambo isaina ny tonga namaly ny antso. Voafetra anefa ny toerana, teo koa ireo tsy afaka mihitsy ka dia nangataka ny mba hanasiana fotoana hafa hijerena izany izy ireo,eo koa ireo mbola maniry ny hijery izany fanindroany. Manoloana izay indrindra dia nanapakevitra ny mpikarakara fa ho averina ny fandefasana ity horonantsary ity ary misy ny tetiandro apetraka mba ahafahan'ny olona misafidy izay fotoana mety aminy. Nanomboka ny 28 jolay teo ary aharitra hatramin'ny anio izany daty izany. Malalaka ihany koa ny ora araka izay mampety ny rehetra. Feno hatrany moa ny toerana rehefa mandeha ity sarimihetsika ity. Raha tsiahivina kely, nanomboka ny 30 jolay teo,dia niavaka kely ny fitafin'ireo mpijery sarimihetsika satria dia nitafy akanjo mavokely avokoa izy ireo, narahin'ny mpijery tato aorina izany avy eo ka dia olona manao mavokely foana no hita milahatra eo ivelan'ny cinépax rehefa handeha hijery ity horonantsary ity.

**Tanya.R**

Tantaran'ny Ampanjaka sy Mpanjakavavin'i Madagasikara

# Olona 1 062 no tonga nijery ny fampisehoana an-tsehatra teny amin'ny kianja Masoandro

Isaky ny sabotsy amin'ny 1 ora tolakandro sy amin'ny 3 ora tolakandro, dia misy ny fampisehoana an-tsehatra mahakasika ny tantaran'ny Ampanjaka sy Mpanjakavavin'i Madagasikara atao eny amin'ny Kianja Masoandro ao amin'ny Rovan'i Madagasikara. Maro ny olona liana tonga mijery izany ary tamin' ny sabotsy lasa teo, dia tafakatra 1062 ireo tonga nijery izany. Tantaran'ireo Ampanjaka sy Mpanjakavavin'i Madagasikara tamin'ny taonjato faha-19 no natao an-tsehatra nandritra izany ary dia nahavariana ny olona ny fomba filalaovan'ireo mpilalao. Ny mpianatra avy ao amin'ny CEG Avaradoha, eo ambany fiahian'ny vondrona MAF'BE sy ny mpampianatra ao amin' ny Akademia Nasionalin'ny Zavakanto sy Kolontsaina (ANAC) moa no manao izany seho izany. Nataon'izy ireo niaina tao anatin'ilay vaimpotoana tamin'izany mihitsy ireo mpijery ka izay no tena naha be mpankafy azy. Hita izany teo amin'ny fiakanjon' ireo mpilalao, izay nanao ny fomba fiankajon'ny Ampanajaka sy ny mpanjaka vavy tamin'izany fotoana izany. Izay tokoa moa no antony nanaovana ity kianja ity, hampiaina ireo mpitsidika ny zava-nisongadina teo amin' ny tantaran'i Madagasikara amin'ny alalan'ny fampisehoana teknika ka dia miezaka ireo mpilalao manatratra izay tanjona izay. Raha tsiahivina, efa tafiditra amin'ny saran'ny fitsidihana ny rovan'ny Madagasikara ny vidim-pidirana mijery izany tantara an-tsehatra izany rehefa sabotsy. Programa azo atao tsara araka izany rehefa sabotsy ny mandeha eny an-toerana mba miala voly no mahalala tantara ihany koa indrindra fa ao anatin'ny fotoam-pialantsasatra izao.



**Zava-dehibe tokoa ny mahalala ny tantaran'ny firenentsika.**

**Tanya.R**

Lalaon'ny Frankôfônia 2023 - Literatiora

# Raraka teo amin'ny ampahefa-dalana i Narda Natioranomena

Raraka teo amin'ny ampahaefa-dalana i Narda Natioranomena solotenan'ny Malagasy nifaninana tamin' ny lalaon'ny Frankôfônia andiany faha-9 teo amin'ny literatiora vaovao. Niavaka i Narda Natioranomena teo amin'ny seho nataony tamin' ny fanombohan'ny fifanintsanana. "Monsieur stylo" ny lahatsoratra nentiny nandresy lahatra ny mpitsara saingy mbola misy izany ny tsara kokoa noho ny azy ka dia nihintsana ny solontenantsika fa ny Rdc, Wallonie, Bruxelles ary firenena Suisse no niakatra hanao ny famaranana. Marihana fa natambatra anaty boky iray ny asasoratra nataon'ireo mpanoratra rehetra. Nozaraina tamin'ny mpandray anjara moa io boky io ka anjaran'izy ireo indray avy eo no mitady tranompamokarana hanonta sy hanaparitaka azy.Eo amin'ny resaka kolontsaina ihany dia raraka teo amin'ny ampahefa-dalana rehefa nidona tamin'i Cameroun ny Pi Freestyle, teo amin'ny "jonglerie freestyle" na mitanisa baolina. Taorian ny "battle" isaky ny ekipa dia nitovy ny isa ka voatery nidítra tamin'ny "Battle" an'olon-tokana ny mpandray anjara ka i Antema no niatrika izany. Teo isika no raraka. Efa nikotrana be ihany ry Patô sy ny ekipany fa sendra ny maozatra. Ny Maroc no nibata ny amboara sy nahazo ny medaly volamena tamin'ny taranja "jonglerie freestyle". Nampidirina ho isan'ny kolontsaina ihany koa ity taranja ity noho izy misy asa famoronana sy aingam-panahy.

Fa ankoatra izay dia vaovao tsara ho an'ny taranja Hip hop izay nosoloan'ny Mopustik Crew tena fa izy ireo dia tafakatra niatrika ny lalao famaranana omaly alina. Arahintsika eto ihany ny vaovao mikasika izay. Ny alahady izao moa no hifarana ny lalaon'ny Tany mampiasa manontolo sy ny amin'ny ampahany ny teny Frantsay izay atao any Kinshasa Renivohitry RDC.



**Noraketina anaty boky iray ny asa soratry ny mpandray anjara ka tafiditra ao anatin'izany "Monsieur stylo" lahatsoratra nosoratan' i Narda Natioranomena.**

**Tiaray R**

Fibatana fonjamby - Lalaon'ny Nosy

# Notoloran'ny federasiona lelavola 3 800 000 Ar ny atleta sy ny mpanazatra manaraka fampivondronana

*Efa manao izay ho afany ny federasiona, manao ny fomba rehetra hahatonga antsika ho voalohany hatrany toy ny tany Maorisy.*



Tsy nanadino ireo atleta hifantenana ny handrafitra ny ekipam-pirenena ny teo anivon'ny federasiona.

Efa anatin'ny fampivondronana amin'izao fotoana izao, ireo atleta hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy, ho an-dry zareo eo anivon'ny taranja Fibatana fonjamby. Tsy mamela irery azy ny mpitantana ny federasiona, fa nanolotra lelavola 100.000ar avy ho fanampiana azy ireto mandritra izany fampivondronana izany. Nomarihan'ny filohan'ny federasiona, Randriamanarivo Harinelina omaly tetsy Ankorondrano, fa mahazo tsirairay izany lelavola izany avokoa ireo atleta 30 mianadahy sy ireo mpanazatra miisa 8. Izay aloha no kely vitan'ny federasiona, hoy hatrany ity filoha ity, izay nanambara fa ny handrombaka ny medaly volamena 30 amin'ireo 60 iadivana mandritra ity andiany faha-11, ny Lalaon'ny Nosy ity no tanjona ho azy ireo.

**1tapitrisa Ar**

Marihana, 20 mianadahy (10lahy sy 10 vavy) ihany no handrafitra ny ekipam-pirenena amin'io lalao io, ka amin' izy 30 mianadahy ireto no hakana izany, izay hanaovan' ny federasiona antso avo hatrany ny fitondram-panjakana, hanampy sy hanohana ireo atleta, hiaro ny voninahipirenena. Mahakasika ity federasiona ity hatrany, natolotry ny filohany, Randriamarivo Harinelina omaly ny tambin-kasasarana nampanantenain'ny Federasiona, ireo atleta vehivavy nahabata 100kilao noho mihoatra, nandritra ny fifaninam-pirenena farany. Anisan'izany Bakoliharisoa Sarikaniaina Aurelia (100 kg), izay nahazo 1tapitrisa Ar, teo ihany koa Rakotoharisoa Angeline Nera Sarah (101 kg), notolorana lelavola 300 000 Ar, ary Razafy Harisoa Benjamine (100kg), nahazo 200 000Ar.

**Rabenaivo**

Asief - Tompondaka Nasionaly

# Minisitera iray indray no tratra nampiasa mersenera



Hentitra amin'ny fampiharana ny lalàna napetraka hatrany am-boalohany ingahy Jhon Love.

Tsy misangy amin'ireo tsy manara-dalàna amin'ny fifaninanana nasionaly, ny mpitantana eo anivon'ny ASIEF. Omaly indray, nahatrarana mpilalao mersenera ny Minisiteran'ny Asam-panjakana sy ny Lalàna Sosialy, mpandray anjara teo amin'ny taranja Atletisma. Tsy niandry ela, tonga dia natsahatra tsy hanohy intsony ny fifaninanana ity Minisitera ity, izay tapitra hatreo ny fandraisana anjara. Anisan'ny fanamby napetraky ny ASIEF, ny hiady amin'ireo mpilalao mersenera mandritra ny fifaninanam-pirenena, noporofoin'izy ireo izany, izay tsy avelany ho vitavita mora. Tsy hijerena olona na anarana, hoy hatrany i Jhone Love fa izay tratra dia ampiarina aminy ny sazy sahaza izany. Tsiahivina, ny alatsinainy teo, efa nisy ny voasazy noho ny korontana nitranga, izay fampitsaharana avy hatrany azy ireny tsy hanohy ny fifaninanana, izao indray mbola misy sahy mampilalao mersenera ihany koa. Antenaina, tsy hitohy sy tsy hisy intsony izany, ka hizotra an-tsakany sy an-davany ny fifaninanana, anatin'ny firahalahiana sy firaisankina tanteraka. Tsy ny fandresena rahateo no mahamaika amin'izy ity fa ny hampisy ilay fiarahana sy fifanakalozana eo amin'ireo samy mpiasampanjakana. Rahampitso no hosokafana amin'ny fomba ofisialy izy ity, ka ny rodorodon'ny fonksiônera no hanombohana azy amin'ny 1ora tolakandro, amin'ny 2ora 30 minitra kosa no tonga ireo vahiny nasaina, arahan'ny lahanteny hifandimbiasana amin'ny 3ora, miaraka amin'iany ny fanomezana moto ireo fonksiônera. Hofaranana amin'ny Zumba ny lanonana.

**Rabenaivo**

# Lalao Frankôfônia 2023 - Andiany faha-9

*Tsy mitondra henatra ho an'ny firenentsika amin'ny fiatrehana ny andiany faha-9 amin'ny lalaon'ny firenena miteny sy mampiasa ny teny frantsay any Kinshasa, renivohitry ny Repoblika Demokratika Congo (ex-Zaïre), ny taranja an'olon-tokana atletisma sy ny taranja iraisana basket-ball vehivavy latsaky ny 25 taona tamin'ny afakomaly. Ny atletisma nihambozona medaly volamena ary ny basket-ball kosa indray dia nanilika ny tompon-jaridaina tsy hanatrika ny lalao manasa-dàlana, izay tena niady hatramin'ny farany tokoa ny fihaonan'ny ekipam-pirenena roa tonta.*

**Famaranana 100 m misy fefy**

**Norombahan'i Sidonie ny medaly volamena**

Nandritra ny lalao famaranana vehivavy teo amin'ny 100 metatra misy fefy, notanterahina tany amin'ny kianjan'ny Maritiora kongolezy, dia tao anatin'ny 13 seg 01 no nahavitan'i Sidonie Fiadanantsoa an'izany, teo anoloan'ilay romanina Anamarie Nesteriuc (13 seg 20), nahazo ny medaly volafotsy, sy ilay soisa Larissa Berteyni, izay nahavita an'izany elanelana izany tao anatin'ny 13 seg 58 ka nanolorana azy ny medaly alimo. Tao anatin'ny ranomasom-pifaliana kosa no nandraisan'i Sidonie ny medaliny sy nanofahofany ny saina maitso fotsy mena. Mendri-kaja sy voninahitra i Madagasikara satria notsofina ny " Tanindrazanay Malala !!!!". Nametraka ny firenentsika ho amin'ny laharana faha-14 amin'ireo mpifaninana any RDC izao zavabitan'i Sidonie izao. Sidonie, izay miofana any amin'ny « Centre de Developpement d'Athletisme » any Sénégal, nampivoatra azy eo amin'ity taranja ity. Raha tsy misy ny sampona, izay tena irariana tokoa tsy ho tonga aminy, dia efa mandry ho azy ny fihambozonana ny medaly volamena amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023, tanterahina eto amintsika atsy ho atsy. Niatrika ny lalao famaranana teo amin'ny 100 metatra tsotra ihany koa i Claudine Nomenjanahary ka ambivitra no tsy niakarany an-dampihazo, nisalorana ny medaly alimo. Tany amin'ny laharana faha-4 no nisy azy (11 seg 51), taorian'ilay ivorianina mirahavavy Kone Maboundou (11 seg 24) sy Jessica Gbai (11 seg 38) ary ilay kongolezy Natacha Ngoye (11 seg 44). Anterina fa tafita amin'ny lalao faramanana 800 metatra koa i Patrice Bemandro, izay nahavita ny halaviran-dàlana tao anatin'ny 1 mn 51 seg 33 nandritra ny lalao manasa-dàlana nandraisany anjara.

**Basket – « ¼ de Finale »**

**Nailiky ny Ankoay vavy ny kongolezy**

Tsy ny Barea de Madagascar tamin'ny baolina kitra irery ihany no biby mainty ho an'ny RD Congo fa ny ekipam-pirenena Ankoay basket-ball "U25" vehivavy ihany koa, izay nisakana ny diany tsy tafita amin'ny lalao manasa-dàlana amin'ny alin'ny zoma 4 aogositra 2023, hifandona amin'ny senegalezy. Tamin'ny isa tery dia tery, ary nampitaintaina ny mpanaraka TV5Monde hatramin'ny farany tokoa, no nandavoan-dry Muriel (kap) / Kristinah / Christiane / Chantyah / Angela... an-dry Basiki sy ry Kitenge, izay tsy tana mihitsy tamin'ny tifidavitra matetika nataony. Nitolefika teo anatrehan'ny Malagasy ihany anefa izy, tamin'ny fanatanterahana ny "money time", nahazoantsika ny fandresena tamin'ny isa 56 no ho 53 (08/11 – 09/15). Marihina fa teo am-pialantsasatra dia nitarika tamin'ny isa 36 no ho 30 (18/11 – 18/19) ny mpampian-trano ny fifaninanana. Nisy fotoana efa nitarihany tamin'ny elanelan'isa valo kanefa tsy nahakivy ny miaramilan'i Prisca Razananirina sy ry Angelot Razafiarivony ny nanenjika an'izany. Teo amin'ny fanatanterahana ny ampahefa-potoana roa farany vao tena nisongadina ny fahaiza-miaraky ny mpilalao Malagasy, nitarihany tamin'ny isa. Nametraka maharitra an'ireo mpilalao'ny MB2ALL efa zatra miaraka ny mpanazatra Prisca. Zara raha nosoloiny ry Muriel sy ry Christiane fa nampakany aina kely fotsiny dia naveriny an-kianja indray. Teo amin'ny "money time" dia tsy nokitihina intsony ireo mpilalao voatanisa eo ambony ireo. Nahitampahombiazana ihany koa ny "défense individuelle" an-dry Kristinah sy ry Chantyah, miampy ny tifi-davitra nataon'i Angela (41 seg), miampy ny "lancer franc" farany azony (20 seg) satria nanao "faute intentionnelle " ny mpifanandrina taminy. Nampitomany ny mpilalao kongolezy ny fahareseny, teo anatrehan'ny Filoham-pirenena Félix Antoine Tshisekedi Tshilombo, kivy tanteraka tamin'ny fanatrehana ny lalao. Marihina fa i Liban sy Cameroun ny lalao manasa-dàlana anankiray.

**aris rafaly**


**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 212 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


**Nahandro**

**Korzety sy fromazy**

**Zavatra ilaina :** korzety, fromazy, poti-mofo, sira, menaka, dipoavatra.

**Fikarakarana azy :** Tetehina boribory ny korzety rehefa voadio. Atao anaty lovia jobo dia alefa ao ny potimofo dia asiana sira. Alahatra anaty lasitra na lovia manokana fampiditra anaty lafaoro. Alefa anaty lafaoro avy hatrany ka rehefa mahazo loko dia esorina araka rarahana fromazy efa voakiky eo amboniny dia fafazana dipoavatra kely. Averina alefa anaty lafaoro indray ka rehefa mitsonika ny fromazy dia vita. Aroso mafana.

Mazotoa homana !


**PETITES ANNONCES Gazetiko**

**MIVIDY**

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 609/17-8)

* Debara, fanaka, frigo, boky, kilalao, vy, TV, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 613/20-1)

**COURS**

* Cours de coiffure accéléré : spécial vacances. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-9)

* Cours de massage 3 jours ahaizana manotra. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-9)

**COURS DE MUSIQUE**

* Cours de musique à domicile : Piano, guitare, clavier. Accélérer 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 612/7-6)

**VIDANGE**

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-14)

* Vidange fosse septique, fosse perdu, puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 611/10-7)

Ambatondrazaka

# Raikitra ny sakoroka, andian'olona maro nitaky hamoahana voafonja

*Olona miisa enina voatazona tao no notakian' ireo havoaka.*

Nirefodrefotra ny basy tao amin'ny fonjan'Ambatondrazaka ny Talata lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora alina. Raikitra ny sakoroka satria nisy andian'olona maro nitangorona sy nitabataba teo anoloan'ny fonja nitaky ny hamoahana olona voatazona tao. Nanoloana izany dia tsy maintsy nandray fepetra tamin'ny fiarovana ny fonja ny mpiandry fonja ary nanampy azy ireo tamin'ny fifehezana ireo vahoaka ihany koa ny mpitandro filaminana. Nanao tifi-danitra nentina nanaparitahana ny olona ny mpiandry fonja. Nisy ihany koa ny fifampiresahana nataon'ny tomponandraikitry ny mpitandro filaminana tamin'ireo vahoaka. Rehefa nifanazava teo ny roa tonta dia nilamina ihany ireo vahoaka ary samy niparitaka tsikelikely namonjy ny tokantranony. Tsy nisy ny fanapoahana baomba mandatsadranomaso, tsy nisy ihany koa ny olona naratra na maty.

**Nanao fitsaram-bahoaka**

Raha ny fanazavana dia olona enina voarohirohy tamin'ny fanaovana fitsaram-bahoaka tany Mangalaza, kaominina Feramanga Avaratra ny volana Oktobra 2022 no notanana vonjimaika tao amin'ny fonjan'Ambatondrazaka rehefa avy natolotra ny Fampanoavana. Tsy nahafaly ireto vahoaka ireto anefa izany ka izao nitaky ny hamoaka ireo olona voatazona ireo izao izy ireo. Raha tsiahivina dia nisy olona roa voarohirohy tamin'ny halatr' omby nitranga tao Mangalaza tamin'io volana oktobra 2022. Tonga dia nataon'ny olona fitsaram-bahoaka ireo roa lahy ireo ka rehefa avy nodarohana dia nodorany velona. Taty aoriana anefa dia nitory ny fianankavian'izy roa lahy ireo ka izao tonga tamin'ny fisamborana ireto olona enina ireto izao, izay voatondro ho nandray anjara tamin'io fitsaram-bahoaka io. Mbola manamafy hatrany moa ny mpitandro filaminana fa voararan'ny lalàna ny fanaovana fitsaram-bahoaka.

**R.C**

Ambohitrimanjaka

# Lehilahy sarona niaraka tamin'ireo entana avy nangalariny

Lehilahy iray 28 taona no tra-tehaky ny zandary teny amin'ny sampanana art Malagasy mihazo an'Ambohitrimanjaka ny alin'ny talata hifoha alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 1 ora sy fahefany. Nandritra ny fisafoana nataon'ny mpitandro filaminana tamin'io alina io no nifanehatra tamin'ny lehilahy iray nibaby kitapo izy ireo. Somary hafahafa fihetsika io lehilahy io ka mailo ny zandary ary nanatona azy avy hatrany. Tsy afa-nitsoaka intsony araka izany izy ary niroso tamin'ny fisavana azy ny zandary. Rehefa nojerena tao anatin'ilay kitapo teny aminy dia nahitana akoho valo efa maty tao anatiny, jiro lampadaire iray, machine électrique iray. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary ilay lehilahy taorian'izay. Notanana sy natao famotorana tany izy. Nandritra ny fakàna ambavany azy no nahalalana fa nangalatra tany Antsahafohy any amin'ny kaominina Ambohitrimanjaka ity lehilahy ity izao tra-tehaka ny zandary izao. Fantatra fa mipetraka eny amin'io kaominina io ihany izy. Mitohy ny famotorana atao azy mialoha ny hitondrana azy ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana.

**T.H**

Toamasina

# Mpanendaka misandoka ho mpitandro filaminana

Roa lahy 22 taona sy 23 taona voasambotry ny polisy avy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany voalohany ao Tanambao faharoa any Toamasina ny alin'ny talata hifoha alarobia teo tokony ho tamin'ny 2 ora noho ny resaka halatra miaro vono sy fisandohana andraikitra. Olona sendra nandalo no nendahin' ny olon-dratsy. Sakanany izay olona tiany ho endahina ka mitonona ho mpitandro filaminana izy ireo no sady manakana. Tsitapitapitr'izay anefa dia endahin-dry zalahy ilay olona dia lasa nitsoaka izy ireo. Teo anatrehan'izay, niantso polisy ny niharamboina. Napetraka ny velapandrika ka sarona izy roa lahy ireo ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy avy eo. Nandritra ny famotorana no nahafantarana fa tsy mpitandro filaminana izy roa lahy ireo fa paikady entin'izy ireo hanatanterahana ny asa ratsiny no hanaovany izany.

**Halatra koa**

Fa tany Toamasina ihany dia lehilahy iray 29 taona ihany koa no voasambotry ny polisy noho ny resaka halatra cyclo-pousse ny talata teo tokony ho tamin'ny 12 ora alina. Raikitra ny horakoraky ny fokonolona fa misy mpangalatra cyclo-pousse tany Tanambao fahadimy. Nanao fisafoana teny an-toerana ny polisy avy ao amin'ny kaomisaria foibe atsinanana tamin'io fotoana io ka raha vao naheno izany antsoantso izany dia nandray ny andraikiny avy hatrany izy ireo nanenjika ny olon-dratsy ka dia voasambotra tamin'izany ity lehilahy ity. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha any amin'ny fampanoavana any an-toerana.

**T.H**

Antalaha - Raharaha bakalorea

## Olona 3 nidoboka am-ponja, 26 niakatra fampanoavana

Mbola raharaha mitana ny sain'ny mpanara-baovao ny resaka laza adina nivoaka mialoha tamin'ny bakalorea 2023. Nisy olona 26 mianadahy no niakatra fampanoavana tany Antalaha, omaly. Ny telo tamin'ireo no naiditra am-ponja vonjimaika, ny ambiny kosa nahazo fahafahana vonjimaika. Tsiahivina ny alatsinainy teo ihany koa vao vita tanteraka ny famotorana an'ireo olona 19 tafiditra amin'ity raharaha ity teto Antananarivo. Raha ny fantatra dia 13 no naiditra am-ponja vonjimaika eny Antanimora ary 6 no nahazo fahafahana vonjimaika saingy tsy maintsy miatrika ny fitsarana, izay hatao amin'ny 18 Aogositra 2023, amin'ny 8 ora maraina ao amin'ny efitrano fahatelo. Mpiasan'ny Minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana aratsiansa avokoa ny ankamaroan'ireo voarohirohy amin'ity raharaha ity. Misy teknisiana mpikirakira informatika,PAT, mpanamboatra laza adina, mpampianatra sady profesora, sekretera, mpiasan'ny « Office du Bacc»…sns.

**Zaza malagasy**

Tsara ho marihina fa haingana ny fisamborana an'ireo voarohirohy ho tompon'antoka tamin'ity raharaha fivoahan'ny laza adina bakalôrea ity. Ilay resaka izay nahatohina ny malagasy rehetra. Minisitera 4 no voatohitohina satria izy ireo no tena tomponandraikitra miara-misalahy amin'ny fanomanana ny bakalôrea. Anisany mandray anjara amin'izany ny Ministeran'ny fanabeazam-pirenena sy ny fampianarana teknika ary ireo Ministera misahana ny fitandroana ny filaminana.

**Ariel D.**

Alatsinainy Bakaro

## Olona 2 mpangalatra sy mpamotsy omby halatra voasambotra




Ireo olona voasambotra !

Ny Alahady lasa teo trà-tehaky ny zandary tao Alatsinainy Bakaro ity lehilahy efa mpamerin-keloka amin'ny raharaha halatr'omby sy famotsiana omby halatra ao anatin'ny kaominina Alatsinainy Bakaro. Voasambotra ihany koa ny ramatoa iray mpividy omby halatra sy mpiray tsikombakomba aminy. Araka ny fanazavana azo, efa inefatra voasambotra ity rangahy ity tao anatin'ny herintaona ary indroa voatazona am-ponja voanjimaika. Halatr'omby antsokosoko no tena ataony fa tsy manao fanafihana mitam-piadiana. Hanamboarany taratasy hosoka avy eo ny omby avy hangalariny. Fantatra fa efa voatazona any am-ponja ihany koa ny zanak'ity rangahy ity lahy iray sy ny vinantolahiny noho ny raharaha halatr'omby ihany.

**R.C**

## TATSY SY TAROA

**# Nokasain'ny jiolahy hidirana ny tranon'ny jeneraly Lilyson (Governora SOFIA) teny Andohanimandroseza, omaly.** Efa-dahy tsy fantatra no niditra teo an-tokontany tokony tamin'ny 3 ora maraina. Ny roa tamin'ireo efa nihezaka namoha ny vavahady saingy tsy tafavoaka. Rehefa izany dia nandrehitra jiro ny tao an-trano ka lasa nandositra ireo mpangalatra ireo. Raha ny fahitana azy dia saika hangalatra moto izy ireo satria nisy moto maro teo an-tokontany. Niakatra avy amin'ny tamboho no nidiraran'ireo mpangalatra ireo tao, araka ny fanazavana.Na izany aza tsy nisy zavatra very tao.

**# Mampitaraina ny mponina ny asan-jiolahy ao amin'ny distrikan'i Manjakandriana.** Manafika ny fokontany manodidina ny olon-dratsy. Trano roa na telo matetika no tafihiny dia mandositra izy ireo. Mamaky trano , mandroba, mamono mahafaty mihitsy , ohatra iray tamin'izany ny tranga tao amin'ny fokontany Soamalaza , ny volana jona lasa teo. Araka ny fitarainan'ny mponina dia mandeha ampolony izy ireo , ary mirongo fiadiana misy basy. Ireo olona manankatao no kendren'izy ireo. Noho io dia manao antso avo ny fokonolona mba hijerena akaiky ny tsy fandriampahalemana.

**Ariel D.**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

*Aiza daholo*




## Hatsikana an-tsary

*Marenindrenina*




## Masoandro miposaka

**2 Tantara 32 : 7**

Mahereza ka matanjaha; aza matahotra na mivadi-po noho ny mpanjakan' i Asyria sy ny hamaroan'ny olona rehetra izay entiny; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Tany ikafaran-kilevenana ; vady tsy tian-kianterana.**

Etre enterré dans un endroit dont on était mécontent ; finir ses jours avec un conjoint qu'on disait ne pas aimer.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3014**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 3 | 7 | | | 5 | | | |
| | 4 | | | | 2 | 8 | 5 | |
| | 8 | | | | | | | 4 |
| | | | 2 | | | 4 | | |
| | | | | 6 | | 1 | | 3 |
| | | | 1 | | 9 | | | 2 |
| | 2 | 3 | 4 | 5 | | | | |
| | 9 | 5 | | | 8 | | | |
| 8 | | | | 1 | | | | |

Valin'ny laharana **3013**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 6 | 3 | 5 | 1 | 7 | 4 | 9 | 2 |
| 5 | 4 | 9 | 3 | 6 | 2 | 7 | 8 | 1 |
| 2 | 7 | 1 | 9 | 4 | 8 | 6 | 3 | 5 |
| 3 | 9 | 5 | 2 | 7 | 1 | 8 | 4 | 6 |
| 7 | 1 | 8 | 4 | 9 | 6 | 2 | 5 | 3 |
| 6 | 2 | 4 | 8 | 5 | 3 | 1 | 7 | 9 |
| 1 | 8 | 6 | 7 | 3 | 5 | 9 | 2 | 4 |
| 9 | 3 | 7 | 1 | 2 | 4 | 5 | 6 | 8 |
| 4 | 5 | 2 | 6 | 8 | 9 | 3 | 1 | 7 |

Fifidianana filoham-pirenena

# Nanamafy ny HCC fa tsy afaka hilatsaka izay tsy mizaka zom-pirenena malagasy

*Hisokatra manomboka amin'ny 23 Aogositra izao, ary mametraka ny fepetra rehetra mifamatotra amin'ny fametrahana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny ekipan'i Florent Rakotoarisoa.*

20 andro mialoha ny daty hisokafan'ny fametrahana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana amin'ny fifidianana filoham-pirenena, navoakan' ny teo anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny lisitry ny dosie ho an'ireo kandida hifaninana amin'ny fihodinana voalohany amin'ny 09 novambra ho avy izao. Araka ny hita tao anatin'ny fanambarana ofisialy nivoaka tao anatin'ny tranokalam-pifandraisan'ity Andrimpanjakana ity, omaly, dia mahatratra 15 ny isan'ny dosie tsy maintsy fenoina raha tiana hanan-kery ny taratasy filatsahan-kofidiana. Nilaza mazava ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana tao anatin'izany fa tsy afaka hilatsaka ary mihintsana avy hatrany izay tsy mizaka zom-pirenena malagasy raha toa ka tsy nasiany resaka ny momba ireo manana zom-pirenena hafa. Toe-javatra arahin'ny olom-pirenena mpanarabaovao maso akaiky tsara noho ilay resabe mbola tsy nikatona hatramin'ny androany manodidina ny fizakan'ny filoham-pirenena ankehitriny zom-pirenena frantsay, izay efa namarininy raha nanao fandaharana manokana tao amin'ny haino aman-jerim-panjakana izy tamin'ny 16 jolay farany teo. Ankehitriny, andrasana fatratra ny fanazavana araky ny lalàna omen'ny mpikambana ao amin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana mikasika io raharaha io, izay efa nampanantenain'ny Filohany Florent Rakotoarisoa, raha namaly ny fanontanian'ny mpanao gazety izy fa hivoaka mialoha ny datim-pifidianana izany. Miankina betsaka amin'izay fanapahan-kevitra hivoaka eo, arakaraky ny fomba hanazavana ny raharaha, miohatra amin'ny lalàna velona ny hahafahan'ny filoham-pirenana mbola ho isan'ny mpifaninana amin'ny fifidianana na tsia.

**Fe-potoana farany**

Etsy andanin'izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa mbola malalaka ny fotoana fanaterana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana satria, araka ny loharanombaovao avy eo anivon'ny governemanta dia amin'ny faha-06 septambra no farany fanaterana izany raha toa ka amin'ny faha-09 Septambra ho avy izao no hampahafantatra amin'ny fomba ôfisialy ny anaran'ny kandidà hifaninana ny HCC. Na izany na tsy izany, heverina fa tsy hanohy ny fomba fanaon' ireo mpanao politika hatramin' izay, miandry ny fe-potoana farany vao manao zavatra sy sahy mandray fanapahan-kevitra ireo mieritreritra ny ho kandida amin'ity indray mitoraka ity ka tsy hitaredretra hikaroka ireo dosie 15 takiana aminy ireo. Raha ny tsikaritra tato ho ato aloha, dia nisesisesy ny fanambaran' ny mpanao pôlitika milaza ny maha kandidà azy, izay hita ho samy efa nahafeno ilay saram-pandraisana anjara amin'ny fifidianana 200 tapitrisa ariary avokoa. Mbola misy ihany koa anefa ireo mikarakara hetsika goavana hihaonana amin'ireo mpomba azy vao hihazo ny HCC.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Valalanina ny maro!

**Mahalala ny tokony hataony sy ny laharam-pahamehana, amin'ny fotoana tokony hanatanterahana azy ve ny mpitondra isan-tokony eto amintsika? Io no fanontaniana miverimberina eny anivon'ny fiarahamonina eny, manoloana ny zava-misy, tato anatin'ny volana maromaro izao. Raha famoronan'asa ho an'ny tanora mantsy no andrandraina, manoloana ny fahamaroan'ny nahavita fianarana dia tsy tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asan'ny fanjakana izany. Fizarana sakafo masaka sy vary tsinjo ary kojakoja samihafa tsy mahavita taona no natao. Vokany, tsy ny fototry ny olana no voavaha. Mahakasika ny fandriampahalemana, raha paikady maharitra hiadiana amin'ny asan-dahalo sy ny asanjiolahy no andrasana amin'ny mpitandro filaminana dia toa somary atao ambinkambin-javatra izany fa haingana sy mirindra ny baiko midina rehefa hanakantsakanana ny hetsika pôlitika sy ny hanelingelina ny fahalalahan'ny olom-pirenena maneho hevitra. Toy izany koa ny zavamitranga rehefa hisambotra mpanao pôlitika na olontsotra tsy mitovy fomba fijery na manakiana ny mpitondra. Mahasika ny sehatra sôsialy dia andrenesana antsoavo sy fitarainana maro, eny amin'ny tambazotra sôsialy sy eny amin'ny fampahalalam-baovao samihafa ny tsy fahampiana na tsy fisian'ny fitaovana ao anatin' ireny sekoly efa misy any ambanivohitra ireny, eny na ny eto an-drenivohitra sy ny manodidina aza, saingy ny fanorenana sekoly vaovao hatrany no imasoan'ny mpitondra. Ny akaiky indrindra aza dia ny fanapahan-kevitra raisin'ny mpitondra nanomana lalao arapanatanjahan-tena tany Toamasina izay mahavalalanina ny maro satria tsy vitan'ny hoe fandaniam-bola fa nanelingelina ny fitadiavan'ny mponina efa difitry ny fahasahiranana !**

Voahangy Rakotozafy

Andry Rajoelina teny Iavoloha

# Nandray Ambasadaoro avy amin'ny firenena efatra omaly

Nisesy ny fahatongavan'ireo Ambasadaoro avy amin'ny firenena efatra samihafa teny Iavoloha omaly. Tonga nanolotra ny taratasy manendry azy ireo hiasa eto Madagasikara no tena anton-diany tamin'izany. Nandray izany teny an-toerana kosa ny Filoha Andry Rajoelina. Nanomboka izany ny SEM Fahd Abdullah Fahd Aleisa izay masoivohon'ny Fanjakan'i Arabie Saoudite, SEM Claude Morel ambasadaoron'ny nosy Seychelles, SEM Serge Bounda, masoivohon'i RDC (République Démocratique de Congo), ary SEM Peter Maddens misolotena ny Fanjakan'i Belgique. Tsara sy mihamafy hatrany ny fiaraha-miasa amin'ireo firenena ireo. Ho an'i Belgique izao dia anisan'ireo seha-piarahamiasa iarahany amin'i Madagasikara ny momba ny angovo toy ny fanamboarana tobim-pamokarana herinaratra mandeha amin' ny herin'ny masoandro any Ambilobe sy Nosy Be izay efa am-perinasa tanteraka ankehitriny. Efa hanomboka ihany koa ny fanamboarana ny any Sainte Marie. Ny fampiroboroboana ny fizahantany, ny kolontsaina, ny toekarena, ny fiarovana ny fari-dranomasina sy ny ady amin'ny jono tsy manaradalàna no fototry ny fiarahamiasan-tsika amin'ny nosy Seychelles. Nanambarana ny fahavononany handray anjara amin'ny lalaon'ny nosy izay hatao eto amintsika ato ho ato ity nosy rahavavy ity.



Ny Ambasadaoron'ny Fanjakan'i Arabie Saoudite noraisin'ny Filoha Andry Rajoelina.

**JUDD**

Mamy Ravatomanga

# Voatendry ho Kaonsilin'i Côte d'Ivoire

Voatendry ho Kaonsily Honoraire an'i Côte d' Ivoire eto Madagasikara Atoa Mamy Ravatomanga. Nandritra ny fandraisan'ny minisitry ny Raharahambahiny Rtoa Yvette Sylla ny Ambasadaoron'i Côte d'Ivoire izay miasa eto amintsika Atoa Sakaria Kone no nampahafantarana izany. Nanaiky ity fanendrenana vaovao ity ny tenany ary nitondra ny teny fisaorana ho an'ny Filoha Ivoriana Alassane Ouattara noho ny nametrahany fitokisany taminy. « *Vonona tanteraka aho hanampy ny Fitondram-panjakana Malagasy sy ny Fitondram-panjakan'i Côte d'Ivoire, hanamafy hatrany ny fifandraisana arapirahalahiana eo amin'ny roa tonta amin'ny lafiny maro, indrindra eo amin'ny fifandraisana ara-toekarena* » hoy Atoa Mamy Ravatomanga tamin'ny lahateny fohy izay nataony teny Anosy afakomaly. Raha tsiahivina, ankoatra ny maha Kaonsilin'i Côte d'Ivoire azy, dia Kaonsilin'i Serbie ihany koa ity mpandraharaha Malagasy ity.



Atoa Mamy Ravatomanga nanao ny lahateniny teny Anosy.

**JUDD**

Fotoan-dehibe tany Ankaramalaza

# Isan'ny nanatrika ny filoha teo aloha 2 sy ny solontenan'i Siteny Randrianasoloniaiko

Omaly no notanterahina tany amin'ny toby Ankaramalaza ny fotoan-dehibe fanokanana mpiandry, fanao isantaona. Ankoatra ireo mpino kristiana avy amin'ny fiangonana FLM sy ireo vahiny nasaina nanotrona azy ireo dia anisan'ny nanatrika ny fotoam-bavaka ihany koa ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina. Izy ireo izay tsiahivina fa manatrika hatrany ny fotoambavaka lehibe any amin'ny toby, nandritra ny fotoana nitantanany ny tany sy ny fanjakana. Nandefa solontena nanome voninahitra io fotoan-dehibe io ihany koa ny depiote voafidy tao Toliara I, Siteny Randrianasoloniaiko ary nanolotra lelavola mitentina 6 tapitrisa ariary, nanampiana ny Toby. Ankoatra izay dia tonga tany an-toerana ihany koa ny governeran'Atsimo Andrefana izay nampanantena fa hanampy amin'ny fanamboarana ny lakozian' ny toby. Araka ny efa nomarihina etsy ambony dia isantaona no mifandimby ny fanokanana mpiandry any amin'ireo toby lehibe eto Madagasikara. Raha ny any Ankaramalaza no nisantarana ny fotoam-pivavahana iombonana dia fantatra fa any amin'ny tobin'ny Soatanàna, any amin'ny istrkan'Isandra, faritr'i Matsiatra Ambony iny no hotanterahana indray ny fotoan-dehibe manaraka, manomboka amin'ny 17 septambra ho avy izao.

**V.R.**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Raharaha CNaPS

# Miverina misokatra tontolo andro ireo birao manerana ny Nosy

*Foana ny fanaovana ny asa farany kely indrindra. Miverina miasa ara-dalàna ireo mpiasa.*

Mandroso ny famahana olana eo anivon'ny CNaPS, na ny Tahirim-pirenena misahana ny fiahiana sôsialy. *"Efa tsy misy intsony ny fanaovana ny asa farany kely indrindra. Raha nitarina hatramin'ny 2 ora tolakandro ny fisokafan'ny birao nanomboka tamin'ny alatsinainy lasa teo dia efa nosokafana hatramin'ny 4 ora hariva androany."*, hoy ny avy ao amin'ny sendikan'ny mpiasa tafaresaka taminay omaly. Nahatsapa ireo mpitaritolona fa nanao ezaka tamin' ny famahana olana ny avy amin'ny fitondram-panjakana dia ny Praiminisitra lehiben' ny governemanta sy ireo Minisitra roa mpiahy ny CNaPS, ka nahatonga azy ireo nanao hetsika nifanaraka tamin'izany. Efa voavaly avokoa ny ankamaroan'ny fitakian'ireo mpiasa nitokona tamin'ny ankapobeny raha tsy hilaza afa-tsy ny famotsorana ny tale jeneraly mpisolo toerana tany am-ponja taorian'ny raharaha kolikoly tamin'ny fampidirana mpiasa nanenjehana azy, ary ny fivahan'ny fanagejana ny tetibola ho an'ny fandaniana eo anivon'ny CNaPS, izay tena nampimenomenona ireo mpiasa. Ny fanendrena ny ho tale jeneraly vaovao sisa no andrasan'ireo mpiasa, ka hametrahan'izy ireo fepetra mba tsy hanaovana tantely afa-drakotra an'ity Tahirim-pirenena ho an'ny fiahiana sôsialy ity toy ny nataon'ireo mpitantana teo aloha. Raha ny tokony ho izy dia ny eo anivon'ny filankevi-pitantanana no manolotra ny anaran'ireo olona hotendrena amin'ny toeran'ny tale jeneraly eo anivon'ny filankevitry ny minisitra.

**Tsy mahaverim-bola**

Maro ireo fampiasam-bola nataon'ny CNaPS. *"Tsy mahaverim-bola avokoa ny ankamaroan'ireo orinasa nindram-bola tamin'ny CNaPS toy ny Air Madagascar, ny SECREN, ny MGH, ny SEIMAD, sns. Ny kaominina Antananarivo Renivohitra ihany no hany mba mamerim-bola ara-dalàna ary azo antoka fa ho vitany ny mamerina ny fitambaran'ny vola nalainy raha mitohy ny fomba fiasany. Midika izany fa tsy tokony ny raharaha tamin'ny taona 2022 ihany no mila jerena fa na ireo raharaha hafa tany aloha koa aza."*, hoy i Andriamamonjiarison Soanorondriaka, mpikambana amin'ny filankevi-pitantanan'ny CNaPS. Mitentina 11 miliara Ariary ny vola nindramin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra tamin'ny alalan'ny orinasa SMGD (Société Municipale de Gestion Digitale). Vao afakomaly ireo fivondronan'ny mpampiasa sy ny mpiasa eto Madagasikara, izay notarihin' ny GEM (Groupement des Etreprises de Madagascar), no nangataka ny fampitsarana ny fitokonana eo anivon' ny CNaPS noho ny fanelingelenana aterak'izany any amin' ireo mpikambana.

**R. Muray**

Bakalorea 2023 eto Antananarivo

# Efa vita 100 isanjato ny fitsarana ireo taratasim-panadinana

Efa vita 100 isanjato ny fitsarana an'ireo taratasim-panadinana ho an'ny Bakalorea 2023 raha ho an'ny eto Antananarivo. Io no vaovao niparitaka teny anivon'ny tambajotran-tserasera omaly. Araka izany efa ao anatin'ny fampidirana ny naotin'ireo mpiadina tsirairay ao anatin'ny solosaina (transcription) ireo mpampianatra sy tomponandraikitra amin'izany izao ka efa 20 isanjato no vita hatramin'izao ora anoratanay izao. Nomarihan'ny teny anivon'ny toeram-pitsarana Bakalorea fa tena henjana ny fepetra fiambenana ireo toerana nitsarana ny fanadinana sy hamitana ny asa rehetra amin'ny Bakalorea eny Ankatso. Raha ny loharanom-baovao marim-pototra azonay dia efa miroso amin'ny fampitambarana ny taratasim-panadinana isaky ny taranja ho an'ny mpiadina tsirairay koa ireo mpiandraikitra ny fitsarana ny fanadinana Bakalorea. Na teo aza ireny olana sy zava-nitranga nandritra ny niatrehan'ny mpiadina ny fotoam-panadinana ireny, tamin'ny nivoahana laza adina tantara sy jeografia nialoha dia miezaka ireo misahana ny dingana rehetra hivoahan'ny voka-panadinana mamita izany am-pilaminana. Hatramin' izay matetika dia maharitra eo amin'ny telo na efatra herinandro eo isan-taona ny fotoam-pitsarana sy ny fampidirana ny naotin'ireo mpiadina, mandalo ny fandraisana fanapahan-kevitra ny salanisam-pahafahana (deliberation), vao mandika ny lisitr'ireo mpiadina afaka ary amin'ny farany vao mamoaka ny valim-panandinana rehefa voamarin'ny tomponandraikitra misahana an'izany. Marihana fa fotoanan'ny fitaintainan'ny mpiadina rehetra ny herinandro fiandrasana ny hivoahan'ny valim-panadinana tahaka izao.

**Heriniaina A.**

Fier-Mada

# Vaovao avokoa ny 60 isanjaton'ireo mpandray anjara



Haharitra dimy andro ny FIER-MADA andiany faha-24.

Nosokafana tamin'ny fomba ofisialy, omaly teny amin'ny kianja Maki Andohatapenaka, ny FIER-MADA, na Tsenabe iraisam-pirenena ho an'ny toekarena eny ambanivohitra. *"Ny nampiavaka ity andiany faha-24 ity dia vaovao avokoa ny 60 isanjaton'ireo mpandray anjara. Naheno ny tatitra mikasika ny fahombiazan'ny namany nandray anjara teo aloha ireto farany ka tonga nirodorodo. Nisy tamin'ireo tantsaha nandray anjara teo aloha no efa nahavita nanangon-karena ka afaka nividy bisikileta sy môtô ary nanangana trano mihitsy. Nisy tamin'izy ireo no naneho taminay fa efa amina miliara mihitsy ny sandan'ny fifanarahana azony amin'ny famatsiana zanakazo any ampitandranomasina. Tao koa ireo nahita lalam-barotra amin'ny fanondranana tongolo sy ovy ary satroka mankany ivelany, ka efa mila tsy ho araka intsony ny kaomandy. Noho io antony io rahateo no namoronana ity hetsika ity mba hahafahan'ireo tantsaha mivarotra mivantana ny vokatra tsy misy mpanelanelana."*, hoy Ramanantsoa Jacques, filoha mpanorina ny FIER-MADA. Misy eo amin'ny 450 ireo mpandray anjara. Hita ao amin'ity foara ity avokoa ireo vokatry ny fambolena sy ny fiompiana ary ny jono sy ny asa tanana eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Anisan'ny tena manintona ireo mpitsidika ny fahitana ireo vokatra nanaovana fikarohana miavaka toy ny fototra mangahazo sy bitro ary akoho amam-borona lehibe lavitra mihoatra amin'ny mahazatra. Tao koa ny fampirantiana ireo atody goavambe avy amin'ny vorona lehibe indrindra nisy teto Madagasikara, izay efa lany tamingana. Miavaka koa ny fahaizan'ireo tantsaha avy any amin'ny faritra Avaratry ny Nosy mamadika ny lavanila ho haingon-trano. Natao maimaimpoana ny vidim-pidirana mandrapahatapitry ny hetsika amin'ny alahady ho avy izao.

**R. Muray**

Farafangana - Mpisitraka Vatsin'Ankohonana

# Mahavokatra tantely 1 000 l isan-taona ny vondrona vitsy

Mahavokatra tantely 1000l isan-taona eo ireo mpisitraka Vatsin'Ankohonana, vondrona Mamiratra sy Mirana ary Vonona any amin'ny kaominina Ambanivohitra Amporoforo any Farafangana raha ny fanadihadiana nataonay tamin'ny solontenan'ireo vondrona ireo, teny amin'ny "Fier Mada" omaly. *"Tantely 100l no nentinay hiatrehana an'ity Fier Mada ity, nitondra sesame ihany koa izahay, misy dokotra ary ny fomba fanotrehana zanak'akondro atao basket compost. Antony andraisanay anjara amin'izao dia entina mampiseho ny tantely novokarinay ho hitan'ny Malagasy, satria hitany fa nahazoana tombontsoa ny nisitrahany Vatsin'Ankohonana. Misy tantely kininina, letisy sy avy amin'ireo voninkazo misy any amainay iny"*, hoy Rtoa Louisette, mpisitraka avy any Farafangana fa FID Manakara no tomponandraikitra misahana azy ireo. Nomarihan'ity renim-pianakaviana ity fa tsy niompy tantely no sady tsy nahay ny tontolon'ny fihariana tantely izy ireo nialoha ny fandaharanasa Vatsin'Ankohonana. Taorian'ny fampianarana sy fiofanana nomena azy ireo dia mahay managom-bokatra ireo vondrona rehetra ka efa samy mahay mitantam-bola sy mampitombo an'izany ny isatokantrano sy isam-bondrona.

**Lalam-barotra**

Faninefany izao no mandray anjara amin'ny "Fier Mada" ireo mpisitraka ny tetikasa fiahiana ara-tsosialy izay tetikasan'ny fitondram-panjakana, arindran'ny Ministeran' ny mponina ary tanterahan'ny FID. *"Raha ny tamin'ity andiany ity dia ireo mpisitraka ny fandaharanasa Vatsin'Ankohonana izay tsara indrindra isam-paritra no tonga mandray anjara eto Antananarivo. Manodidina ny 40 eo ireto mpisitraka fiahiana sosialy ireto no mampiranty ny vokatra vitany sy mivarotra izany ary koa mba hahitan'izy ireo lalam-barotra lehibe kokoa. Etsy ankilany ihany koa dia ho fanampiana an'ireo mpisitraka hanana ny fahaleovantenany rehefa ho tapitra ny fandaharan'asa. Manampy amin'ny fanatsarana fonony sy ny endrika tokony hampirantina ny vokatra izahay, satria ny tanjona dia mahavita tena ny mpisitraka tsirairay sy ireo ao anatin'ny vondrona misy azy ka ho afaka mampihatra sy manohy ny fampiharana ny fanofanana azony hatrany izy rehetra ireo any aoriana any"*, hoy Rtoa Sitraka Randrianjatovonarivo, serasera eo anivon'ny FID taminay.

**Heriniaina A.**

Vovonan'ny firaisamonim-pirenena HINA

# Tanjona ny hanamafy ny haitaky ho an'ny fanjariantsakafo

Fantatra ireo mpikambana mandrafitra ny filankevi-pitantanan'ny vovonan'ny firaisamonim-pirenena HINA izay tarihan'ny PCA Faniry Hantarinivo. Nanatanteraka fivoriana nandritra ny roa andro izy ireo ka anisan'ny voaresaka nandritra izany ny asa vita na jery todika ny zavatra rehetra natao taloha, namaritra ny asa atao ao anatin' ny telo taona manaraka izay miodidina amin'ny ady amin' ny tsifanjariantsakafo avokoa. Vina roa no napetraka dia ny mba ho vovonana matanjaka mahaleo tena ary manaja ny rafitra demokratika amin'ny fananana mpikambana amin' ny faritra 23. Fanamafisana traikefa sy mba hahaleo tena amin'ny fanetsehana ireo loharano na io olona na vola ary mandray anjara amin'ny fanatsarana ny tsifanjariantsakafo eto. Zava-dehibe ihany koa ny fanajana ny rafitra demokratika izany hoe hiparitaka any ifotony fa tsy hijona isam-paritra intsony. Ho tohizina koa ny hetsika efa natao, ho hamafisina ny haitaky amin' ny fametrahana ny tsifanjariantsakafo ho laharam-pahamehana, hanaitra sy andondatabatra mihitsy aza raha ilaina rehefa mahita hetsika tsy mifanaraka amin'ny ady tsifanjariantsakafo. Tsiahivina fa misy fikambanana 578 mivondrona ao amin'ny vovonan'ny firaisamonim-pirenena Hina ary manan-danja izy ireo rehefa hanaitra tranganjavatra tsy mifanataka amin'ny tokony ho izy.

**Nath**